ALAHADY FAHAROA FIAVIANA – TAONA A2019

"Mibebaha fa efa akaiky ny Mesia "

Ry Kristianina havana, efa tena tafiditra anatin'izao Dia sy Ady mankany amin'ny fankalazana ny noely isika amin'izao Alahady faharoa ny fiaviana izao ka abaribarin'ny tenin'Andriamanitra amintsika, asehony amintsika àry ny toe-panahy fototra amin'izany Dia sy Ady ataontsika amin'ny fankalazana ny noely izany. Ny tanjona dia ny Teny tonga nofo eo amin'ny fiainantsika izany hoe ny fontsika afaka handray ny Teny dia ilay zanak'Andriamanitra. Izany no ampitsihiavan'ny Tenin'Andriamanitra androany. Ny vakiteny voalohany bokin'Izaia mamaritra fa Andriamanitra dia famindrampo sy fitiavana. Miantso antsika hibebaka izy ary izany no toe-panahy fototra entina miatrika izao fiaviana hanatonantsika ny noely sy amin'izao taona masina ny misiona izao hahatonga antsika ho EOV, VITA BATEMY ho misionera hanambara ny vaovao mahafaly dia Andriamanitra eo anivontsika. Io ilay rantsana mipoitra avy amin'ny fototr'I Jese voalaza ao amin'ny vakiteny voalohany. Mitaky fibebahana izao vanimpotoana ny Avent izao. Ady tsy maintsy hatrehintsika satria maro ny zavatra mamatopatotra antsika ka tsy hahafahantsika miroso amin'ny diantsika izay atao hoe fahotana. Vanimpotoana hibebahantsika izao sy mitarika antsika hanatona an' Andriamanitra, Izy no manova ny fony satria fantany fa tsy mety ny ataontsika. Ray be fitiavana izy, raha miverina aminy isika dia izy no hiova voalohany noho izy be indrafo. Izany no nanirahana an'I Jesoa ho tonga eto anivontsika ka mitaky fomba fiainana vaovao ho antsika izany. Ady tsy maintsy hatrehintsika, mamolaka ny ratsy amintsika, miala amin'izay manapotika ny fiainantsika, izay manapotika ny tontolo iainantsika, ny zava-boahary aza marary, potika ka isika no mandroa mitsilany, voan'ny tontolo nopotehintsika.

Vakiteny I : Iz. 11, 1-10
Salamo : Sal. 71
Vakiteny II : Rôm, 15, 4-9
Evanjely : Mt. 3, 1-12

Manomboka ny fotoanan'ny fambolena hazo, nanomboka tamin'ny alahady nankalazantsika an'I Kristy mpanjaka ny nanaovantsika izany, isika vita batemy irahina hikolokolo ny zava-boahary ary hampivelatra an'izany. Raha mivelatra tokoa ho diosezy maintso ny diosezintsika dia feno fanantenana ny taranaka manaraka, izany no maha taranaka mpanorina antsika. Koa tsy maintsy miady mafy isika amin'ireny fahazarandratsy amin'ny fanapotehana ny tontolo iainantsika, sady manapotika ny fiaraha-monina ny fanaovana izany ka izao fotoana izao no hibebahantsika, handray ny Tenin'Andriamanitra isika, ny Tenin'I Jesoa izay mitondra amin'ny fahamarinana. lalantsika ny fandangaina, ny halatra izay manapotika ny fiaraha monina satria tsy hahitantsika fivelarana fa hampanjaka kosa ny rariny sy ny hitsiny mba ho hita amintsika ilay fototry Jese mba hitondra antsika amin'ny tena fiadanana sy fananantenana araky ny hafatry ny Papa amintsika.

Raha ny rantsana mipoitra amin'I Jese io no tanjona iainantsika dia ho tsara ny fiainantsika, raha miady amin'ny ratsy rehetra misakana izany tsy ho eo anivon'ny fiainantsika isika dia miroso tokoa amin'ny fankalazana ny noely sy ny fankalazana ny faha zato taona ny FET sy ny kongresy eokaristika. Ka isika no irahina tahaka nanirahan'ny Ray ilay teny tonga nofo. Isika no mahatonga nofo ny tenin'Andriamanitra eo amin'ny fiainantsika ka hampiova ny tontolo iainantsika sy ny tontolom-piainantsika ary ny tontolom-pinoantsika.

Araky ny voalaza ny vakiteny voalohany ho tanteraka ao amin'ilay Andriamanitra tonga nofo, ho hisy fiovana lehibe ny fiainantsika raha mahay mandray ny tenin'I Jesoa isika, sy ny tenin'Andriamanitra. "*Ny amboadia hiara-mitoetra amin'ny zanak'ondry, ny pantera hiara-mandry amin'ny zanak'osy; ny zanak'omby sy ny liona aman'omby mifahy, hiray toerana, ka zaza no hiroaka azy. Ny ombivavy sy ny orsa handeha ho amin'ny tanim-bilona iray, ny zanak'ireo, hiray trano fandriana; ary ny liona hihinam-bilona hoatra ny omby. Ny zaza minono hilalao eo amin'ny lavaky ny menarana*"
Mahatalonjona ny vokatry ny fandraisantsika ny tenin'Andriamanitra dia ny teny tonga nofo, izany no atao hoe paradisa na fiadanana ka haninteraka ny fiainantsika tokoa ny fanantenana na dia eo aza ny zavatsarotra hatrehintsika amin'ny fiainantsika andavanandro, mahatoky isika fa rehefa ao amintsika amin'ny fianakaviana eglizy kely, ao amin'ny eglizy fiombonana, eglizy fototra, eglizy iraka ilay teny tonga nofo dia hiova araky ny voalazan'Izaia mpaminany io ny fiainantsika.

Voalazan'I Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa amin'ny taratasy tany Romana sy ho antsika izao koa "*Ry kristianina havana, izay rehetra voasoratra taloha dia natao ho fianarantsika, mba hananantsika fanantenana amin'ny fandeferana sy ny fanalana alahelo avy amin'ny Soratra Masina. Andriamanitry ny fandeferana sy ny fanalana alahelo anie hampiray hevitra anareo araka an'i Kristy Jesoa, mba hiarahanareo mankalaza an'Andriamanitra Rain'i Jesoa Kristy Tompontsika, amin'ny fo iray sy vava iray."*
Araraotintsik àry izao vanimpotoana fiaviana izao hahaizantsika mandray ny Tompo, mandray an'I Kristy amin'ny alalan'ny sakramentan'ny fampihavanana. Izany no ampatsiahivin'I Joany Batista ilay mpialoha lalana, ary ny toetrany no tian'ny Eglizy hianaranrtsika amin'izao Alahady faharoa fiaviana izao dia tsy inona fa isika hibebaka satria efa eo anivontsika ny fanjakan'Andriamanitra ka araraoty tokoa izao vanimpotoana "Avent" izao. Henontsika amin'ny hafatr'I Joany Batista fa tsy maintsy aseho amin'ny fiainana ny vokatry ny fibebahana izany hoe tsy maintsy manao asa fanorerana isika. Rehefa mikofensy isika dia averina matetika amintsika fa sarobidy ny asa fanorenana satria hahafantarana fa miova tokoa ny fiainantsika, izany ny fibebahana.

Milaza amintsika ny pretra hoe manaova toko sapile, mandiniha ny tenin'Andriamanitra. Marina fa ireny ny loharano fa ny tadiavana dia ny loharano ateraky ny fiainantsika. Raha milaza ny pretra hoe manaova toko sapile iray dia hibanjinantsika ny misterin'ny fahatongavana ho nofo. Aoka ny fiainantsika ho tahaka an'I Masina Maria, averintsika impolo isaky ny toko ny Arahaba ry Maria rehefa manao sapile isika ka aoka handray ny tenin'Andriamanitra tahaka an'I Masina Maria isika, ny fontsika ho tahaka azy ka ho EOV isika irahina ka haneho amin'ny fiainana fa tonga nofo tokoa ny tenin'Andriamanitra. Izao vanimpotoana fiaviana izao dia misy dikany manokana ary manakaiky ny fankalazantsika ny faha 100 taona ny FET sy ny kongresy eokaristika ka manasa antsika ho fahazavana sy fanasina amin'ny mpiara-belona amintsika.

Ry Kristianina hava malala ,aoka isika hiova fomba fiainana araky ny fiteny hiova fiainana tokoa isika izany hoe ny fiainantsika miova tsy hoe mivadika fa manambara fa nandray an'I Kristy isika ka tonga nofo amintsika tokoa I Kristy. Manana andraikitra tokoa isika amin'ny fanorenana sy fampiroboroboana ny fanjakan'Andriamanitra. Isika no misionera, araraotintsika izao fotoana izao mba hahaizantsika miomana sy manomana ireo manodidina antsika tahaka nataon'I Joany Batista, isika no Joany Batista amin'izao fotoana iainantsika izao.

Mangataha mba hitsolovin'ny Fanahy masina mandrakariva isika ka hanararaotra izao fotoana izao hibebaka mba hiala amin'ny ratsy rehetra satria efa akaiky tokoa ny fanjakan'andriamanitra " *"Mibebaha ianareo, fa efa akaiky ny Fanjakan'ny lanitra". Izy no ilay voalazan'i Izaia mpaminany hoe: Re ny feon'ilay miantso any an'efitra hoe: "Amboary ny lalan'ny Tompo, ahitsio ny alehany".*

Ry Jesoa Tompo ô, ny fitiavanao anie hanenika ny fiainanay ka hanaiky izahay ho rantsananao sy hodiovinao, hiala amin'ny fahotana, hiala amin'ny ratsy manapotika anay ka hivelona tokoa ny maha zanak'Andriamanitra ka ho tonga nofo amin'ny fiainanay ny teninao indrindra izao fiomananay amin'ny noely sy ny kongresy eokaristika, enga anie izahay mahavokatra fitiavana, fahamarinana, fanantenana ka tena EOV manorina ETA izahay ka ho taranaka mpanorina tokoa. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson